

ALAHADY VII - PAKA – TAONA A 2023



NY FIAINANA MANDRAKIZAY DIA NY MAHALALA AN'ANDRIAMANITRA

Ry Kristianina havana, marina mandalo fotoan-tsarotra ny fiainantsika. Samy naheno ny hafatra na ny avy amin'ny Commission Justice et paix na ilay hafatra avy Fivondronamben'ny Eveka dia manasongadina fa ao anatin'ny Krizy marolafy isika izay mitady hanapotika ny fiainantsika. Hoy indrindra ny Eveka milaza izany : « miharihary ny fahantrana lalina sy amin'ny lafiny maro izay mampikaikaika tokoa hatraiza hatraiza. Saika ny lafiny rehetra mihitsy no isehoan'ny fahantrana mahazo antsika, na ara-toe-karena izany na ara-piaraha-monina na

Vakiteny I : Asa 1. 12-14
Tononkira : Sal. 65,
Vakiteny II : 1 Pi. 4, 13-16
Evanjely : Jo. 17, 1-11a

ara-pitondran-tena sy toe-tsaina, ara-tontolo iainana ... Miova tsikelikely hatramin'ny kolontsaina izay manefy ny fomba fisainana sy ny fomba fiainana ary ny fomba fifandraisana. Ary miova hatramin'ny fihainoana ny feon'ny fieritreretana izay mihavana tsikelikely amin'ny vono olona sy herisetra, fitsaram-

bahoaka, kolikoly, fanariana ny zaza nateraka, halatra mason'ny varira sy taolam-paty, doro tanety sy fanondranana an-tsokosoko ny harem-pirenena, ny fidorohana zava-mahadomelina sns. Ilay fandalàn'ny Malagasy ny aina dia nivadika ho kolontsaim-pahafatesana. Lasa kolontsaina tsikelikely ny kolikoly sy ny tsy firaharahana ny hafa; ary tonga hatramin'ny tsy firaharahana ny lalàna sy ny tsy fifampihainoan'ny mpitondra sy ny vahoaka na ny vahoaka samy vahoaka. Ny mpitondra sy tompon'andraikitra izay natao hanome ohatra no miova toetsaina voalohany; hany ka manaraka hoazy ny vahoaka. Ny maha-olona mihitsy no mikorontana, araka ny fomba fijerin'ny Papa Benoît XVI.

Manampy trotraka an'izany ireo fampanantenana maro izay tsy tanteraka ka mampiraviravy tanana ny vahoaka na mampanaonao foana azy. Miaka-bidy tsy miato sady haingana ny zavatra ilain'ny vahoaka andavanandro; mahatsiaro tena ho tsy misy mpitodika ny olan'ny mpamboly sy mpiompy; mihalafy hatrany ny fampianaran-janaka ary mihagoragora ny fanabeazana; mitombo hatrany ireo very asa sy tsy an'asa; mihapotika hatrany ny lalana eran'i Madagasikara; tsy ahitam-bahaolana maharitra ny fahasahiranana'ny vahoaka amin'ny jiro sy

ny rano; sy ny maro hafa. Ny tena mampalahelo dia tafiditra ao anatin'ireo ny kristianina sy ny mpivavaka. Hany ka tsy hita taratra intsony ny maha-fanasina sy fahazavana ny mpianatr'i Kristy (jereo Mt 5,13-14) sy ny maha-vavolombelona azy (jereo Asa 1,8).

Singanina manokana koa ny tontolo iainana izay mihapotika hatrany nefa tsy mahataitra ny maro, na ny mpitondra na ny vahoaka. Maika ny fampiharana ny lalàna sy ny fanasaziana mafy ireo mpandrava ny tontolo iainana. Ezaka hifarimbonan'ny rehetra ny fanentanana momba ny tontolo iainana: mpitondra, vahoaka, fianakaviana, mpanabe, mpanao politika, mpitondra fivavahana, mpanao gazety, mpikaroka, mpanankanto, miaraka amin'ireo rafitra sy fikambanana ary vondrona samihafa.

Ireo ny tontolom-piainantsika. Maro tokoa ny very fanahy mbola velona.

Matoky anefa isika fa nandresy tokoa I Jesoa ka hopotehin'ny Fanahy Masina izao krizy mikiky antsika izao. Tamin'ny Alakamisy lasa teo isika no nankalaza ny fiakaran'i Jesoa any an-danitra izany hoe nankalaza fa nisy havantsika tafita ary dia mbola anatin'ny hafalian'izany isika amin'izao Alahady fahafiton'ny Paka izao. Efa manampy antsika hiroso bebe kokoa amin'ny fandalinana an'i Jesoa Mpiara-belona izany fibanjinana an'I Jesoa tafita izany.

Ao anatin'ny fanatanterahana ny Sinaody isika no miatrika izany rehetra izany. Na eo aza ny fahasahirana dia miroso isika satria ny Sinaody dia tahaka ny Senakla ho antsika sady miaramivavaka isika miandrahandra ny Fanahy Masuna no miara-midinika mijery izay rehetra lalana mitondra antsika amin'ny départ vaovao.

Zava-dehibe izany satria azo lazaina fa dingana vaovao indray amin'ny maha EOY Misionera antsika manorina ETA ka mahatonga antsika tokoa ho Tabernakla Velona eo anivon'ny fiarahamonina. Tsy entina hipoerapoerana izany fa fahafoizana sy fanompoana ny antsika. Tsy fampandrian-tany na herim-pamoretana no maha EOY misionera antsika fa vita batemy irahina hizara famindram-po hamafy fanantenana sy fiadanana amin'ny mpiara-belona amin'izao andro sarotra izao. Tsy iza tokoa i Jesoa amin'izao vanim-potoana iainantsika izao fa isika Kristianina, isika no Jesoa mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika.

Ny tenin'Andriamanitra androany dia mampianatra antsika fa ny tena fiainana dia ny fiainana mandrakizay izany hoe fiainana mitondra amin'ny hasambarana. Ny fiainana misy ny fiombonana amin'i Jesoa ilay nandresy ka antenaintsika fa hiaraka Aminy koa isika dia tsy inona fa ny mahalala an'Andriamanitra.

Tsy mahagaga àry raha lazaina fa io fiainana mandrakizay io dia manomboka izao, izany no mahatonga antsika ho Jesoa mpiara-belona amin'ny manodidina antsika. Manamafy ny ezaka ataontsika amin'izao Sinaody izao izany sady tohin'ny ezaka nataontsika mameno ireo sajoa saota, siny enina fa indrindra amin'izao fotoanan'ny krizy atrehintsika.

Izao fotoana hiomanantsika amin'ny fankalazana ny Pantekoty izao, fotoana ihibohana izao dia fotoana ihany koa hivelomantsika ny Sinaody ka mitondra antsika amin'ny départ vaovao amin'ny Pantekôty vaovao ho antsika tokoa na dia eo aza ity krizy maro lafy atrehintsika ity araka io voalazan'ny Eveka io. Izany hoe potika ireo fahotana noho ny fifandraisantsika amin'ny zava-boaary, amin'ny fifandraisantsika samy isika ary ny fifandraisana amin'Andriamanitra ka tanteraka ilay hafatr'I Papa ao amin'ny Laudato Sì : “fivelaranan'ny olona manontolo sy ny olon-drehetra” (développement integral de l'homme) noho ny herin'ny afon'ny Fanahy Masina.

Matetika anefa isika mametraka fanontaniana raha mahita ny zava-misy ary fantantsika fa sarotra ny fampitrahaofana ny finoana sy fiainana andavanandro izany hoe ilay fiainana mandrakizay satria ao tokoa no tanteraka ny finoana. Sarotra ny fiarahan-dia amin'ny Sinaody

satria tsy mora ny fifampitrahaofana. Sarotra noho izany ny mameno ireo sajoa enina : mivavaka, mandalina ny finoana, manompo, mandray an-tanana, mivory, mankalaza ...

Ny Evanjely androany dia manampy antsika handalina ny fototry ny fiainana maha Kristianina antsika mpanara-dia an'i Kristy, fiainan'i Kristy no fiainantsika izay midika fa mahay mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro isika. Sady Kristianina isika no olombelona tahaka ny olombelona rehetra, mitafy nofo aman-drà, miloloha lanitra ka mety ho lena, mandia tany ka mety ho solafaka. Kanefa antsoina isika ho amin'ny hasambarana. Tsy vôlekasiona ny hijaly fa noharian'Andriamanitra amin'ny hasambarana isika. Tsy izao krizy izao no fiainana fa ny fiainana miombona amin'Andriamanitra.

Ahoana àry no ahafahantsika mameno ireo siny enina ireo ka hahatonga antsika hahay hanatanteraka ny Sinaody ka ho EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIOMBONA MIARA-DALANA MANDRAY AN-TANANA KA IRAHINA HO MISIONERA TABERNAKLA VELONA ?

Jesoa milaza ao amin'ny Evanjely androany hoe : "Raiko ô, tonga ny fotoana: omeo voninahitra ny Zanakao, mba hanomezan'ny Zanak'Andriamanitra Anao, fa efa nomenao fahefana amin'ny nofo rehetra Izy, mba hanomezany ny fiainana mandrakizay an'izay rehetra nomenao Azy. Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahalala Anao hany Andriamanitra marina sy i Jesoa Kristy izay nirahinao. "

Ahoana no hahazana hampifandray ny voninahitra sy ny fijaliana, hampifandray ny fahafatesana sy ny fiainana, hampifandray ny haratsiana sy ny hafaliana, ny hasambarana sy ny fahoriana fa indrindra raha hita tsapain-tanana amin'izao Krizy izao.

Izany anefa ny zava-misy eo amin'ny fiainantsika andavanandro ary miatrika an'ireo rehetra ireo isika amin'izao. Tsy anjely isika ary tsy sanatria koa demony fa olombelona antsoina ho zanak'Andriamanitra, izany no foto-pampianarana androany Alahady fahafiton' ny Paka izao. Ny Fanahy masina no "trait d'union" sy lakile hahafahantsika mampivondrona ireo fahasarotam-piainana andavanandro iainantsika ireo. Sarotra amintsika ny handray ny hafaliana sy ny fiadanana ao amin'i Jesoa, sarotra amintsika amin'izao fiainana izao ny hiditra amin'ny voninahitr'Andriamanitra ka ny lakile mampifandray an'ireo dia ny Fanahy masina ary izany no andrandraintsika amin'ny fankalazana ny Pantekôty. Izany no mahatonga milaza « départ vaovao », fiaingana vaovao.

Raha mandray ny Fanahy masina isika dia mandray ny fanomezana fiton'ny Fanahy masina izay averimberina amintsika rehefa mandray ny sakramenta ny konfirmasio. Ny fanomezan'ny Fanahy masina arotsak'Andriamanitra amintsika mba hanavao ny fiainantsika ka tsy ho revo amin'ny gôdran'n'ny fahotana isika, tsy hirefarefa amin'ny tany na dia olombelona mpanota aza fa afaka mijoro manavao ny fiainantsika. Havaozin'Andriamanitra tokoa ny fiainantsika noho ny fanomezany ny Fanahy masina izay raisintsika. Tsy ny "gôdran'ny Krizy izao" no hanapotika ny fiainantsika fa omen'Andriamanitra ny "autoroute-ny" Fanahy Masina isika mba ho tody soa aman-tsara amin'izay fiainan'ny Zanak'Andriamanitra izany hoe ho EOV MISIONERA tokoa ka manorina ETA araky ny fampianaran'I Papa ao amin'ny Laudate Si ka zary lanitra vao sy tany vao ny fiainantsika.

Ny vakiteny voalohany (Asa 1, 12-14) manambara fa niray saina izy rehetra ary naharitra nivavaka, izany ny maha Eglizy ny Eglizy. Ary io faharetana mivavaka no angatahana amintsika amin'ny Sajoa voalohany. Manomboka any amin'ny fianakaviana ny Eglizy ka hatramin'ny diosezy, Eglizy ny Eglizy raha mivavaka, raha miray saina, izany ny asan'ireny filan-kevitra misy amin'ny eglizy Iraka tsiraikiraiky sy ny diosezintsika ireny, antenaintsika hiray saina sy haharitra mivavaka izy ireo mba hiasa araka ny fanomezan'ny Fanahy masin'Andriamanitra.

Eglizy ny Eglizy raha mandalina ny finoana : Sajoa faharoa

Izany no ezaka ataontsika eto amin'ny diosezy amin'izao Sinaody izao izay notanterahantsika tamin'ny tapany voalohany. Efa nodinihin'ny pretra tamin'ny messe chrismale ireo vokatry ny dinika nataontsika. Manantena isika fa ho eo am-pelatanantsika tsy ho ela izy. Ny tena vaovao lehibe dia vita ny Katesizy fa efa manonta azy isika izao. Tsy afenina fa mbola lavitra ny dia satria mbola maro ireo katesizy tsy maintsy amboarina. Irina ny hisian'ny katesizy ho an'ireo nahavita Kôfirmasio mba hiroso amin'ny fiainana matotra kokoa ka handalanan'izy ireo manokana ny vôlekasiona hivelomana tokoa ny mahazanak'Andriamanitra dia ny Sakramenta ny Mariazy, ny fiainana voatokana, ny sakramentan'ny filaharana. Tsy mbola misy katesizy mikasika an'ireo.

Ahoana àry ny fomba hivelomana an'izany rehetra izany ?. Io no tapany faharoa hiezahantsika hiaina amin'izao : FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MIARO NY TONTOLO IAINANA.

Anisan'ny vokatry ny Paka io fiarovana ny tontolo iainana io satria manambara ny mahaolombaovao antsika ka mivelona indray ny vôlekasiona araka ny naharian'Andriamanitra antsika izany hoe napetrak'Andriamanitra ao amin'ny Sahan'ny Edena izany hoe ity tany ity, Tranobe lombonana ity. Ao amintsika ny Fanahin'Andriamanitra, ka manatanteraka izay vôlekasiona izay isika ka miverina amin'ny laoniny ny fifandraisana amin'ny zava-boary. Tsy mpanjakazaka isika fa mpiaro sy mpiambina ary mpikolokolo. Zary Mpamelona isika fa tsy mpanapotika. Zary mahay mampiaraka ny voninahitra sy ny fijaliana, ny fahafatesana sy ny fiainana isika satria ao amintsika ny Fanahy, ilay lakile voalazantsika.

Raha sokafintsika ny fonsika ka mandray ny Fanahy masina isika dia ho ilay fiainana ambaran'i Jesoa, fahalalana an'Andriamanitra ny fiainana mandrakizay, ho ilay fiainana misy an'Andriamanitra, ho ilay fiainana velomin'ny finoana ary tsilovin'ny Fanahy masina ny fiainantsika ka hahalala an'Andriamanitra tokoa isika.

Tsy an-kandrina fotsiny izany, tsy ny fahaizana ny "credo" fotsiny ny fahalalana an'Andriamanitra fa mahalala Azy isika raha ny mason'Andriamanitra no hijerentsika an'izao tontolo izao, raha ny fon'Andriamanitra no mitempo ao amintsika, ka ilay tena fitiavana no hifandraisantsika amin'ny manodidina antsika, raha mahafoy isika ary mahafoy ho an'ny eglizy, raha vonona mahafoy ho an'ny namana koa isika. Nolazain'i Papa Ray masina ao amin'ny Ansikilika Laudate Sì fa ny namana dia fanomezan'Andriamanitra ary anisan'ny namana ny zavaboary hoy ny Papa.

Raha ny vavantsika no midera an'Andriamanitra fa tsy manaratsy ny hafa amin'ny alalan'ny teny ataontsika, raha ny sofintsika mandre ny tenin'Andriamanitra dia ho fantantsika ny anjara toeran'ny Baiboly eo amin'ny fiainantsika.

Raha mampiseho fa Kristianina isika izany hoe manao ny asan'Andriamanitra. Tsy ny famantarana ny hazo fijaliana ataontsika eto ivelany fotsiny fa isika mifikitra amin'ny hazo fijaliana ka miara-maty amin'i Kristy amin'ny fahotana ka hiaraka hitsangana Aminy koa.

Hoy i Md Piera amin'ny vakiteny faharoa (1 Pi. 4, 13-16) : "Ry hava-malala, mifalia arakaraka ny iombonanareo fijaliana amin'i Kristy, mba hanananareo anjara amin'ny fifaliana sy firavoravoana amin'ny andro hisehoan'ny voninahiny. Sambatra ianareo raha tevatevaina noho ny Anaran'i Kristy, fa mitoetra ao aminareo ny Fanahin'ny voninahitra sy ny fahefana, dia ny Fanahin'Andriamanitra. "

Imbetsaka isika no manontany hoe inona ny hahafantarana fa Kristianina isika izany hoe Jesoa mpiara-belona amin'olona ?

Tsy mitady ho tevatevaina isika ary sanatria tsy manaratsy olona isika fa mahalala an'Andriamanitra ka tsy tia ny demony fa mijoro ho vavolombelona eo anivon'ny fianakaviana, eo anivon'ny fiaraha-monina sy toeram-piasana ary eo anivon'ny sekoly misy antsika hanambara fa i Jesoa no fiainana, i Jesoa no hasambarana. Ny fahaizana miaina ny maha-Kristianina no hahazoana ny tena hasambarana marina.

Ry Jesoa Tompo ô, amin'izao famaramparanana ny fankalazana ny Paka izao dia ambaranao mazava fa ny tena maha-Kristianina anay dia ny fiombonanay Aminao koa enga anie ny Fanahinao masina izay ankalazainay amin'ny Alahady ho avy izao ny fidinany tamin'ny Apôstôly mba hidina aminay ka amin'izay hanao ny asan'Andriamanitra tokoa izahay ka lanao Jesoa hanao ny asanay ary ho lavorary satria lavorary ianao.

Mivavaka manokana ho an'ny Voatokana izahay izay hanao ny fihaonana toy ny isan-taona ka ho Senakla ho azy ireo tokoa io fifampitraohofana io fa indrindra amin'izao fiatrehana ny sinaody izao ka HO VOATOKANA MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA. Enga anie izy ireo hanambara amin'ny fanokanan-tenany fa ao Aminao no hany tena fiainana sy tena hasambarana ka tanteraka sahady ilay nampianaranao anay androany hoe ny mahalala an'Andriamanitra no fiainana mandrakizay. Hitombo fahalalana Anao anie izy ireo mba hampahafantatra amin'ireo manodidina azy.

Izahay Kristianina kosa no "Jesoa velona" eo anivon'izao tontolo izao hanohy ny asa famonjena natombokao, ka enga anie ilay Fanahy fankaherezana, ilay Fanahy mpanazava nalefanao ho eo anivonay mandrakariva mba hahazanay tokoa mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro.

Ao anatin'ny hasivianandro iandrasana ny Fanahy Masina izahay izao ry Maria Reny, Renin'ny Eglizy, mivavahà mba hiova ny fonay ka hibebaka tokoa izahay. I Jesoa Zanakao anie no hanjaka aminay ka hitondra ny fihavanany sy ny fiadanany anie izahay fa tsy izay omen'izao tontolo izao. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany mivavahà ho an'ny Fianakaviana mba ho Eglizy kely. Hanomboka ny volan'ny Fo Masin'I Jesoa izahay ka enga anie haka tahaka ny Fonao masina ry Jesoa. Ianao ry Fo Masin'I Jesoa no Mpiaro ny Diosezinao. Matoky anao izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramarason